

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Herin'ny Fifadian-kanina

Tsy manana toerana ato amiko i Satana, tsy manana fahefana amiko, ary tsy misy fitakiana tsy voavaha hiampangana ahy. Voavaha avokoa ny rehetra tamin’ny alalan’ny ran’i Jesosy!



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

"Indro, fa amin'ny andro fifadianareo aza dia mbola ny tianareo ihany no ataonareo, ary ny mpiasa rehetra ao aminareo dia ampahorinareo. Indro, ny hiady sy ny hifanditra no anton'ny ifadianareo, ary ny hamely amin'ny totohondrin'ny faharatsiana... Moa fifadiana toy izany va no ankasitrahako? Dia andro hampahorian'ny olona tena?

(Isaia 58:3–5)

Ho an’ireo olona voalaza eto, ny fifadian-kanina dia anisan’ny fombam-pivavahana nekena mahazatra fotsiny, dia karazana fifadian-kanina nataon’ny Fariseo tamin’ny andron’i Jesosy. Raha tokony ho tena fibebahana na fanetren-tena, dia nanohy ny raharaha ara-pivavahana mahazatra izy ireo ary nitana toe-tsaina ratsy toy ny fanaraham-po, fitiavan-tena, avonavona, ary fampahoriana.

Ny karazana fifadian-kanina ankasitrahan'Andriamanitra kosa, dia avy amin'ny antony manosika ny fihetsika ary ny toe-tsaina:

"Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra?" (andininy 6)

Ny Soratra Masina sy ny traikefa dia samy manamafy fa maro ny fatorana tsy azo vahana, ny enta-mavesatra tsy azo ravana, ny zioga tsy azo tapahina, ary ny maro ampahorina izay tsy ho afaka na oviana na oviana raha tsy ny vahoakan’Andriamanitra-ary ireo mpitarika voatokana —

© 2008 - Dries Du Plessis

mpankatò ny antson’Andriamanitra amin'ny fifadian-kanina marina sy ny vavaka.

> I Isaia dia nanohy nilazalaza ny fomba fiheverantsika ny mahantra sy ny ampahorina:

“Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirimbelona amin'ny namanao ianao” (andidiny7)

Ny fifadian-kanina dia tsy maintsy ampiarahina amin’ny fiantrana mahitsy ifanandrinana amin’ireo manodidina antsika — ampifanarahana, ireo izay mila ny fanampiantsika amin’ny raharaha ara-materialy sy ara-bola.

Misaotra Anao, Tompo, noho ny amin'ny ran’i Jesosy. Hankato ny antson’Andriamanitra amin’ny fifadian-kanina sy ny fivavahana aho amin’ny maha fomba nifidin’Andriamanitra hamahana ny fatorana, hanalana ny enta-mavesatra, hanafahana ny ampahorina, ary hanapahana zioga. Manambara aho fa i Satana dia tsy manana toerana ato amiko, tsy manana fahefana amiko, tsy misy fitakiana tsy voalamina manohitra ahy. Ny ran'i Jesosy dia efa nandamina ny rehetra!, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-054-MLG

Nohavaozina farany: 02 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis